RAPPORT
De l'Atelier sur « LA MISE EN PLACE DU PLAN D'ACTION DE GENRE ET LA LUTTE CONTRE LA VIOLENCE POUR LA CR MIANTSO»
Du 03 au 07 octobre 2011
Au Tranompokonolona Miantso,
MADAGASCAR

Figure 1: Atelier stage 3 Miantso

FIZAHAN-TAKILA

TARIDALANA ..... **3**ERREUR ! SIGNET NON DEFINI.

ZAVA MISY **4**

FIZOTRY NY FIOFANANA..... **5**ERREUR ! SIGNET NON DEFINI.

TOVANA **13**

PLAN D ACTION **18**

TOMBANA..... **45**

TOVANA

- A - Programa
- B – lisitry ny mpandray anjara
- C – Drafitrasa mikasika ny Miralenta sy Fampandrosoana ary ny Herisetra mianjady @ vehivavy
- D- Tombana

Atoa RAJAOVELO Rivonarinjaka, Mpampiofana sady Mpiara-miombon'antoka SAHA

(Sary nangonin'I Vololona)

TARI-DALANA

- **Stage III** :

Natao ny Alatsinainy 3 Oktobra 2011 ka hatramin'ny Alakamisy 6 Oktobra tao amin ny Lapan ny Kolontsaina Miantso

LISITRY NY TOMPON ANDRAIKITRA AMBONY NANOTRONA NY FANDAHARANA :

Rtoa RANEDSON Zelifina Ben'ny Tanana

Atoa RAZAFINDRAKOTO Silvin Augustin, Lefitry ny Ben'ny Tanana

Atoa RAKOTOMALALA Louis, Filohan'ny Filankevitra Kaominaly

Andriamatoa RAMAROJAONA Joroniaina Tsiriharivony,Chef ZAP

. Nanokatra ny fotoana :

Ramatoa RANEDSON Zelifina, Ben'ny Tanàna Kaominina Miantso, niarahaba sy nisaotra ny Mpampiofana ary naneho ny hafaliany amin'ny nifidianana ny Kaominina Miantso ho isan'ny toerana ivoizana ny Miralenta.

Maniry koa izy ny hahatontosana hatramin'ny farany ny fiofanana ary hahavitana ny drafitrasa hahatonga ny Kaominina Miantso ho ivon-toerana mendrika

Rtoa RANEDSON Zelifina, Ben'ny Tanana sy Rtoa RAHERISOA VOLOLONA Victorine, Mpampiofana sady Mpikambana AESG (Sary nangonin'i Rivo)

Taorian'izay dia nandray fitenenana ny Mpampiofana, Ramatoa RAHERISOA VOLOLONA Victorine, ka nanazava ny lohahevitra roa izay niompanan'ny fiofanana ary koa momba ireto zavatra ireto :

- Ny ONG Gender Links izay angady nananana sy vy nahitana ny fivoizana ny Miralenta teto anivon'ny Kaominina eto Madagasikara nanomboka tamin'ny taona 2008
- Ny atao hoe Centre d'Excellence
- Ny tantara nahazoan'ny Kaominina Manjakandriana laharana voalohany tamin'ny "Bonne pratique" natao tany Johannesbourg ny volana Martsa 2011 ka nahatonga ny fitsanganan'ny fikambanana AESG taorian'io.
- Mikasika ny fifanarahan'ny Faritra Atsimo andrefan'I Afrika

Ny tanjon'ny fiofanana dia ny hahavitana drafitrasa ho ampiharina eo anivon'ny Kaominina Miantso ary ny hahatonga azy ho ivontoerana mendrika

- Vontoatin'ny fandaharana (Jereo Annexe A)
- Lisitry ny mpandray anjara (ex: Conseillers, exécutifs, société civile), (Jereo Annex B)
- Plan d'action C
- Tombana (jereo Annexe D)

ZAVA MISY :

- **Historique du GL**

TANTARA FOHY MIKASIKA NY KAOMININA MIRALENTA :

Ny Kaominina Miantso dia Kaominina iray ao anatin'ny Distrikan Ankazobe. 60 Km miala ao Antananarivo Renivohitra.
Ao anatin'ny faritra Analamanga. Manana velaran-tany 265 Km2
Eo Ampanotokana no mivily. Lalana mankany Firavahana Fenoarivo Be ary andalovan'ny vokatra avy amin ireo faritra ireo : vary, omby,fa misy koa ny harena ankibon'ny tany toy ny volamena sy vatosoa fa saingy mbola tsy misy fitrandrahana goavana
Ahitana Fokontany 12 isa ary ny Filohampokontany aminíreo dia lehilahy avokoa

Fotodrafitrasa misy :

- Sekolim-panjakana sy Sekoly tsy miankina katolika
- CSBII
- Paompin-drano eo an-tampon-tanana
- Tranon'ny Ivon-toerana Fandoavan-ketra
- Lapan'ny Kolontsaina
- Tsena fivarotana isaky ny Alakamisy

FIZOTRY NY FIOFANANA

HEVITRA FOTOTRA IOMPANAN'NY MIRALENTA :

Famenoana ny :

a/ Etude des attitudes

b/ Carte des Scores (Karatra isa andrefesana ny miralenta eny ifotony)

Zavatra tsapa ;

- Fanehoany ny hafaliany mahafantatra fa hay ve toy izany ny resaka Miralenta sy ny tokony hampanjakana azy eny anivon'ny Kaominina
- Fahavononana ny hahatontosana ny processus hahatonga ny Kaominina Miantso ho Centre d Excellence

MIRALENTA SY FAMPANDROSOANA :

Asa natao :

- ***FIHAINOANA CD SY FAMENOANA QUIZ TAORIAN'NY FIHAINOANA CD*** :

- 30% nahavaly avy hatrany
- 30% mamaly fa misy diso
- 40% tsy mamaly, vehivavy ny ankamaroany : malaina miteny, menatra, misitritsitrika

- FANAMARIHANA :

Tsy nisy depliant tonga na iray aza tany amin'ny Kaominina Miantso fa fahitalavitra kosa no nijerena ny CD. Narahana fanazavana nataon'ny mpampiofana

FAMPAHAFANTARANA IREO MPANDRAY ANJARA NY FIFANARAHANA MISY aty amin'ny FARITRA ATSIMONÍ AFRIKA

Iraisam-pirenena :

OMD : Objectif du Millenaire pour le Developpement

DUDH : Declaration Universelle des Droits Humains

CEDAW : Convention of the Elimination of all forms of Discrimination Against Women

FIFEV : Fifanarahana Iraisam-pirenena ho Fanafoanana ny Endrimpanavahana mianjady amin'ny Vehivavy

Eo amin'ny faritra :

Protocole de la SADC : Southern Africa Development Security

Eto Madagasikara :

Constitution

PNDD : Programme National pour le Developpement Durable ou pour la Decentralisation et la Deconcentration

PNPF *:* Politique Nationale pour la Promotion Feminine

FANAZAVANA SY FIZARANA IMPRIME GMDC

1/ Fanaovana ny exercices sur cartonettes :

Zavatra tsapa :

- fandraisana anjara mavitriky ny tsirairay tamin'ny fametahana ireo cartonettes teo amin'ny fizarana lahy sy vavy (colonnes) araka izay fiheverany azy avy

- ady hevitra mikasika ny maha lahy na maha vavy, ny anjara asan'ny lahy sy vavy : nisy ny fifandresen-dahatra teo amin'ny samy mpiofana, narahan'ny fanazavan'ny mpampiofana, ka niarahan'ny rehetra nanaiky fa ny toetra voajanahary ihany sisa no mampiavaka ny lahy sy ny vavy fa ny sisa rehetra dia itovizany avokoa. Ireto avy ireo toetra voajanahary mampiavaka ireo : - lahy : mampaniry volom-bava

- vavy : misy fadim-bolana, mampinono

Vokany *:*

Tafita ny hevitra tiana ahatongavana dia ny ***FANAVAHANA*** NY TOETRA VOAJANAHARY NY LAHY SY NY VAVY ary ny HEVITRA RAIKITAPISAKA NOVOLEN'NY FIARAHA-MONINA.

FANDRAISAN ANJARAN'NY MPIOFANA (Sary nangonin'i Rivo)

2/ Fizarana groupe nanao exercice p.27 : FIHEVERANA RAIKI-TAPISAKA

Nozaraina groupe efatra ny mpiofana ka ireto avy ny asa natao :

Groupe I : Nitady ohabolana na oha-pitenenana, fiteny Hira

Ohabolana *: "Kitay telo an-dàlana ny roa alanon'ny lahy ; ny iray alanon'ny vavy".*

Oha-pitenenana *: "Ny lehilahy tsy mba ratsy"*

Fiteny *: "Ny lahy no lohan'ny vavy" "Fanaka malemy ny vehivavy"*

Groupe II : Horonantsarimihetsika mikasika ny fiaraha-monina

a) ***Ny fomba fitafy*** *:* *- Vehivavy mipataloha*
- Lehilahy manalava volo
- Fisotroana zava-mahadomelina
- Mifoka sigara, mihinana paraky

b) ***Tsy mahazo mitory fitiavana, mangata-bady ny vehivavy***

d) ***Mitambesatra amin'ny vehivavy ny fitaizana ny zanaka***

e) ***Very faty ny vehivavy***

f) ***Tolorana vady ny vehivavy***

Groupe III :

Fivavahana : "*Tsy tsara raha irery ny lahy fa anaovana vady sahaza azy izy"*

Fomba fanao : *Lahy lohan'ny vavy*

Vehivavy ravaky ny tokantrano

Kolontsaina : *Any amin'ny faritra atsimo andrefana : tsy mahazo misakafo ny vavy raha tsy voky ny lahy*

Fanabeazana : *Rehefa mahay manoratra ny vavy dia miala*

Ny vavy tendrombohitr'olona

Ny lehilahy miaro tanindrazana tokony hahay

Groupe IV : Haino aman-jery, gazety

Dokam-barotra

VEHIVAVY	***LEHILAHY***
Iharan'ny herisetra sy ny fanararaotana amin'ny zazavavy kely *Manao bizina : Tratra I Voahangy Be mpandray volamena halatra* *Societe recrute stamdardiste* *Sipakely mpanakanto : Feon ala* *Manao sarin-dahy*	*Manao jiolahy* *Manao rugby* *Filohampirenena* *Lehilahy matanjaka mibata vy*

Zavatra tsapa :

- *Samy nanao ezaka ny mpiofana isan-tarika mba hahavitana ny asa natao*
- Navitrika tamin'ny fandraisana anjara ny tsirairay
- Voahaja ny fotoana fanomanana izay noferana ho 20 minitra
- Ny tarika faha-II dia tsy nahita sarimihetsika holazaina noho izy ireo any Ambanivohitra ka tsy mahita fahitalavitra
- Nisy solotena iray avy isan-tarika naneho ny asan'ny tarika teny amin'ny tabilao

Vokany :

- *Nahatsapa ny tsirairay fa misy ny hevitra raikitapisaka izay tokony hialàna*

- *Tsy tokony hisy intsony ny fanavahana ny lahy sy ny vavy eo amin'ny asa aman'andraikitra sahaniny*

- *Hampanjakana ny Miralenta eo amin'ny lafim-piainana rehetra ; eo amin'ny lafiny arak'asa, fomba amam-panao izay tena mbola manjaka tokoa ary indrindra ny eny anivon'ny fiaraha-monina iainana andavanandro.*

Fanentanana :

Taorian'ny asa isan-tarika dia nanomboka ny fanentanana nataon'ny mpampiofana ka isaky ny misy mahavita asa dia nisy ny tehaka mirindra niarahana nanao. Izany no natao dia ho fanomezana aina ny fiofanana sy ho fanalana hasasarana eny antenantenany

3/ Exercice p. 38 : FIDIRANA – FANDRAISANA ANJARA - FANOVANA :

- *Nasaina nijery boky ny mpiofana : nazavaina ny tsingerina mikasika ny exercice voalaza*

- *Nozaraina tarika telo indray ny mpiofana ka samy naka lohateny tsirairay avy tamin'ireo voalaza etsy ambony.*

- *Napetraka ny fotoana hamitana ny asa isan-tarika*

- Nozaraina emballage ny tarika tsirairay mba ahafahany manoratra ny asa ataony

Zavatra tsapa :

- Hita mihitsy ny firaisan-kina isan-tarika ka niara-nikaon-doha namita ny asa
- Hita ho sahy niresaka amin'izay ny vehivavy ka nandray anjara tamin'ny fifanakalozan-kevitra nifanaovan'ny isan-tarika
- Hita ho nisy ny fifaninanana hahavita tsara teo amin'ny tarika isanisany ka anisan'ny hery nanosika azy ireo hanao tsara ny asany izany
- Voahaja hatrany ny fotoana nanaovana ny exercice
- Nifandimby nandefa solotena teny amin'ny tabilao mba hanazava ny vokatry ny asany ny tarika tsirairay

Asa natao :

FAHAZOA-MIDITRA (ACCES)

SAKANA

- eo amin'ny tokantranony
- Fari-pahaizana
- tsy fahampiana ara bola sy fitaovana
- Tsy manana fahasahiana mijoro
- Hasarotam-piaron'ny lehilahy
- Tsindry hazolena eo amin'ny fiaraha-monina

-

VAHAOLANA
Fitadiavana mpanampy
Tokony hanana fahasahiana sy fahatokisantena
Fitadiavana mpamatsy vola
Tokony ho sahy hijoro amin'ny asa fanasoavana rehetra toa an I Nadine RAMAROSON
Tokony hanana fahatokisantena
Mijoro amin'ny maha izy azy
Fampianarana olon-dehibe
Fananganana fikambnam-behivavy

FANDRAISANA ANJARA (PARTICIPATION) **:**

OLANA :

- Tsy fahasahiana mandray anjara noho ny : tahotra – henatra – ilay raikitapisaka – tsy fahazarana
- Fanambaniana ny hevitra vehivavy
- Tsy fananana traikefa
- Tsy sahy miatrika sy tsy matoky tena
- Fikarakarana tokantrano
-Sakana eo amin'ny lafiny fari-pahaizana
- Tsy fifanohanana eo amin'ny samy vehivavy

VAHAOLANA:
Fahasahiana mandray andraikitra
Fananana hambo-po
Mampiseho ny tena maha izy azy
Mila mianatra ny vehivavy fa tsy mijanona amin'zao
Mampiseho fa ny vehivavy dia mahavita zavatra

FANOVANA (TRANSFORMATION) **:**

OLANA

Mbola raikitapisaka ao amin'ny fiaraha-monina ny hoe resa-behivavy, hevibehivavy

Tsy to teny ny vehivavy

Heverina ho tsy ampy traikefa satria vao haingana no novoizina ny miralenta

Rehefa maneho ny heviny ny vehivavy dia lazaina fa akohovavy maneno

Fahasimban'ny toetsaina manoloana ny vehivavy

Vitsy an ísa ny vehivavy

VAHAOLANA

Tokony omen-danja toy ny an'ny lehilahy ihany koany hevi-behivavy

Tokony hijoro fa tsy hiafinafina ny vehivavy manan-kevitra

Aoka hahay hihaino sy hifampihaino

Tokony hanana fahasahiana hiatrika olana

Mila mirotsaka amin'ny sehatra maro ny vehivavy
Mila mahay mandresy lahatra

4/ <u>Exercice p. 45 : BESOINS PRATIQUES – BESOINS STRATEGIQUES</u> :

<u>FILANA FOTOTRA ANDAVANANDRO (Besoins pratiques)</u> :

Filana miantraika mivantana amin'ny fiainana andavanandro ka ilana vahaolana eo no ho eo

Hevitra nisongadina :

- Fanomezana azy vola ividianany sakafo, fitafiana, fitaovana
- Fialamboly
- Fanomezana rano fisotro madio, fahasalamana

Izany hoe : vahaolana tsy maharitra fa mandalo ihany nefa mamaly ny hetahetany

<u>FILANA MAHARITRA MILA PAIKADY (Besoins stratégiques)</u>

- Manome azy fampiofanana

- Manoro hevitra azy ahazoany mindram-bola

- Mampianatra azy hitantam-bola

- Fanomezana fitiavana

- Mba mampahatsiahy azy fa tokony handray anjara biriky amin'ny zavatra iriny atao

- Mampianatra azy mba hanao fandrindram-piterahana

- Manoro hevitra azy hanao hetsika hitondra loharanom-bola (asa tànana, taozavatra, ...)

- Fanaovana tana-maro ho an'ny vehivavy

- Fananganana fikambanana hoenti-mihoitra

<u>Zavatra tsapa</u> :

Nisy ny fahavitrihana teo aminíreo mpandray anjara ka samy namoaka ny heviny ny tsirairay Somary sahirana ihany ny sasany milaza ny heviny satria tsy mahay mandanjalanja sy mamantatra ny laharampahamehana eoamin'ny fiainana

Vokany :

Fantany aminízay ny manavaka ny filana mahamaika na tsia eo amin'ny fiainana

ALAROBIA 05 OKTOBRA 2011

FANANANA FAHEFANA :

Porofo manambara fananana fahefana :

Mahatarika olona

To teny

Afaka manapakevitra

Mahavita zavatra

Karazana fahefana

- Noho ny toerana na andraikitra misy

- Voajanahary : misy olona tonga dia manana toetra mahay mitarika olona

- Fahefana noho ny asa : Tale – isa : izay maro an isa no manana ny fahefana

- Fahefana nafindra ohatra ; Distrika mankany amin'ny Delege

Chef ZAP mankany amin'ny Talen-tsekoly

- Fahefana nozaraina Ohatra Ministra mankany amin'ny Talen'ny Kabinetra

Filoha HAT Mankany amin'ny Praiministra

Vahoaka mankany amin'ny Filoham-pirenena

MPITARIKA (LEADER) – MPITANTANA (MANAGER) :

Leader → Leadership	**Manager → Management**
Mahazaka tsikera	*Mahay mihaino – To teny*
Mahay manaja ny hafa	*Mahay mandray baiko sous pression*
Mahay mihaino	*Vonona – Matotra – Azo antoka*
Mitady marimaritra iraisana	*Tia ny asa ataony –*
Mahay mamorona	*Maharaka vaovao*
Sahy miatrika ady	*Mahatoky*
Manana fandeferana	*Mitsinjo lavitra*
Tony	*Mandala fihavanana*
Manara maso sy fanombanana	*Tomponandraikitra fa tsy manilika*
Matotra	*– Entitra – Fitaratra*
Mahay maneho hevitra	*Manana traikefa*
Manana finiavana	*Manaja fotoana*
Mahay misokatra amin'ny hafa	*Mahatanty tsikera*

Tsy mikitakita *To teny* *Tia serasera sy mifandray aman olona* *Manana fanetrentena* *Mahay mandresy* *Mijoro amin'ny maha izy azy* *lahatra* *Manaja fotoana – Sahy mijoro* *Tia karokaroka – Mahara-baovao* *Tso-piaina* *Mahay mandray olona* *Modely: fotoana, fitafy,fiteny,fitondrantena* *Tsikera mahatsara zavatra* *Mahay manentana*	*Mahay manatsara* *Mahazaka dona* *Tia karokaroka* *Mahay mizara* *Sahy mijoro* *Mahay mikajy* *Matanjatsaina* *Mahay mandamina* *Mila manana fangaraharana* *Mahafehy ny olona feheziny*

Vokany

Drafitr'asa hametrahana ny miralenta eny ifotony sy ady amin'ny herisetra

Dingana manaraka

Fampianarana momba ny fanatontoloana sy ny teti-bola mitsinjo ny miralenta ary ny fanaovana hetsika manokana hanamariana ny 16 andro hiadiana amin'ny herisetra

FIJERENA NY ZAVA-MISY tao @ TSENA MIANTSO
(Sary nangonin'i Rivo)

Annex A: **ATRIK'ASA MOMBA NY FAMETRAHANA DRAFITR'ASA MOMBA NY MIRALENTA SY NY ADY AMIN'NY HERISETRA**
Firenena:Madagasikara
kaominina: Miantso
Toerana: Lapan'ny kolontsaina Miantso
Daty: 03 – 07 Oktobra 2011

Ora	Fandaharana	Tompon'andraikitra
Talata 4 Oktobra 2011		
08h-8h 30	Fandraisana	
8h 30h- 9h	Fanokafana amin'ny fomba ofisialy	Ben'ny Tanana
9h-10h- 10h 15	Loh 1:Ny fifanarahan'ny FAA momba ny Miralenta sy ny fampandrosoana Mijery CD Quiz	Vololona / Rivo
10h 15- 10h 30	**Fiatoana kely**	
10h 30 - 12h30	Loh 2 : Hevitra fototra iompanan'ny Miralenta	Vololona / Rivo
12h30-14h	Sakafo	
14h-16h	Loh 3 : Miralenta sy Fitondrampanjakana	Vololona / Rivo
16h-16h15	**Fiatoana kely**	
16h15- 17h	Loh 4 : Hevitra sy tetika hahatongavana amin'ny Miralenta	Vololona / Rivo
Alarobia 5 Oktobra 2011		
8h-10h	Loh 5: Ho mpitarika mahomby mitondra fanovana	Vololona / Rivo
10h- 10h15	**Fiatoana kely**	
10h15 -12h 15	Loh 7: Famolavolana drafitrasa hampiroborobona ny Miralenta sy drafitrasa mahomby hamongorana ny herisetra eny ifotony.	Vololona / Rivo
12h15 – 12h 30	Fizarana tarika : G1: Famolavolana drafitrasa hampiroboroboana ny Miralenta. G2 :Famolavalana drafitrasa mahomby hamongorana ny herisetra eny ifotony	Vololona / Rivo
12h30-14h	Sakafo	
14h-17h	Atrik'asa isam-tarika	Vololona / Rivo
Andro fahatelo		
8h – 10h	Atrik'asa isam-tarika (Tohiny)	Vololona / Rivo
10h – 10h15	**Fiatoana kely**	
10h15-12h30	Tatitra ny atrik'asa isan-tarika	Vololona / Rivo
12h30-14h	Sakafo	
14h-16h	Tatitra ny atrik'asa isam-tarika	Vololona / Rivo
16h-16h15	**Fiatoana kely**	
16h15-17h	Tombana	Vololona / Rivo

Annex B:

Fandaharana:
Firenena: MADAGASCAR
Toerana: Lapan'ny kolotsaina Miantso
Daty: 03-07 Octobre 2011
FICHE DE PRESENCE

N°	Anarana & Fanampiny	SEXE	Toerana hiandreketana	Andraikitra	TEL	E mail
1	RAZANADRASOAMARO Vaonasolo Dina	F	Fkt Mandriankeniheny	COSAN		
2	RAHARINIRINA Onjanantenaina	F	Fkt Andraiso	COSAN	034 04 601 64	
3	RASOHARIFARA Pascaline	F	Fkt Andraiso	COSAN		
4	RAZAIARISOA Hanta Nirina	F	Fkt Miantso	Talen-tsekoly		
5	RAZAFIARIMANDA Hanitra	F	Fkt Mandrosorasaha	COSAN	033 13 722 93	
6	ARIMANANA Jeanne Augustine	F	Fkt Miantso	SEECALINE	033 20 968 06	
7	RAZAFINDRASENDRA Gertrude	F	Fkt Soavina	SEECALINE		

8	RAZAFIARINIRINA Aimee	F	Fkt Mandriankeniheny	SEECALINE		
9	RAVAOMALALA Marie Laurette S.	F	Fkt Avaratrambato	COSAN	033 61 576 67	
10	RAZAFIARISOLO Marie Meltine	F	Fkt Soavina	COSAN		
11	RASOARILALAO Therese	F	Miantso Lovasoa	Animateur		
12	RAZOELIMANANA Claire	F	Fkt Talata Avaradrano	Mpanentana	033 08 718 78	
13	RAJAOFERA Jonah	M	Fkt Mandrosoa Soavina	Olontsotra	033 29 327 73	
14	RAMILISON Andry Jean Fredy	M	Fkt Antsapanimahazo	Adjoint Chef Fkt	033 14 812 27	
15	RAKOTONANAHARY Kevin	M	Fkt Talata Avaradrano	COSAN	033 71 577 11 034 66 211 85	
16	RAMAROJAONA Joroniaina Tsiriharivony	M	ZAP Miantso	Chef ZAP Miantso	033 17 466 18	
17	RANDRIAMANARIVO Lovaniaina	M	Fkt Miantso	Mpiompy	033 13 153 78	
18	LALAINARIZAFY Elyse	M	FELM	Olontsotra		
19	RANDRIAMBOAVONJY Nomena	M	FJKM	Olontsotra		
20	RANDRIAMAMPIARINA Francois	M		Olontsotra		
21	RAZAFINDRAKOTO Silvin	M	Fkt Miantso	Adjoint au Maire	032 53 487 87	
22	RAJAONARISON Hery	M	Gendarmerie Fihaonana	Gendarme	033 08 446 82	

23	RANEDSON Zelifina	F	Miantso	Maire	032 46 366 25	
24	RAKOTOARISOA Amede Jonah	M	Miantso	SecretaireAdministratif	033 05 386 40	
25	RAVELOMAMPIONONA Isabelle	F	Miantso	Olontsotra	033 19 788 40	
26	RAHELIARIMANANA Marie Stella	F	Miantso	Olontsotra	033 07 442 98	
27	RAZAFIARINELA Landy Domoina	F	Miantso	Olontsotra	033 05 387 14	
28	RASOAMANARIVO Nambinintsoa	F	Miantso	Olontsotra	033 78 823 23	
29	RINDRANANTENAINA Hanitriniony	F	Miantso	Hotesse d Accueil		
30	ANDRIATSITOHAINA Z Miranto	M	Miantso	Agent BIF Miantso	033 19 591 71	
31	NOMENJANAHARY Lucie S.	F	Miantso	Mpampianatra	033 29 156 06	
32	RAZAFIHARIMANGA Rosette	F	Miantso	Mpampianatra	033 05 232 71	
33	RAMANANTANY Armand	M	Miantso	Secretaire Etat Civil		
34	RAKOTOZAFY Jean Pierre	M	Miantso	Secretaire CR		
35	RAJAOVELO Rivonarinjaka	M	Miantso	Secretaire General	033 78 871 28	Rajaovelorivonarinjaka@yahoo.fr
36	RAHERISA VOLOLONA Victorine	F	AESG	Formatrice	033 15 677 07	vololonaheris@yahoo.fr

Attendance statistics per gender and percentage:

Femme	19	59,3%
Homme	13	40,7%
TOTAL	**32**	**100%**

Mpiofana manangana Drafitr`asa (Sary nangonin'I Vololona)

Annex C :

DRAFITR'ASA HAMPIHARINA ENY AMIN'NY KAOMININA IFOTONY MOMBA NY MIRALENTA SY NY HERISETRA ATAO AMIN'NY VEHIVAVY

Ny sehatra izay tokony ho fenoina :

- ***Iza*** *– sampan-draharaha iza /inona no tompon'andraikitry ny asa na hetsika?*
- ***Inona ny tahirin-kevitra na zava misy ho fototra iaingana*** *– inona no iaingana,valio ireo fanontaniana?*
- ***Inona ny tanjona /ny tondro zotra milaza ny vokatra****– inona ny tanjona farany kendren' ny kaominina ary ahoana ny tondro hahafahana mandrefy fa tratra izany tanjona izany,valio ireo fanontaniana?*
- ***Rahoviana*** *– Ahoana ny fe-potoana hanatanterahana izany?*
- ***Teti bola*** *– Hoatrinona ny tetibola ilaina hanatanterahana izany hetsika na asa izany?*

TANJONA FOTOTRA	ASA ATAO	TOMPONANDRA IKITRA	FOTOTRA IAINGANA	TONDRO MILAZA NY VOKATRA	FE-POTOANA	TETI-BOLA
DRAFITR'ASA MIKASIKA NY POLITIKA MOMBA NY MIRALENTA						
Fampahafantarana eo anivon'ny kaominina momba ireo fifanarahana iraisam-pirenena sy eo anivon'ny faritra sy ny sehatra nasionaly mikasika ny miralenta	Fanangonana ireo tahirin-kevitra rehetra mirakitra izany sy ny nandikana izany amin'ny teny Malagasy ka haparitaka manerana ny fokontany sy ny vohitra any am-potony	KAOMINNA-ONG afaka miara-miasa amin'ny kaominina	Tsy fisian'ny tahirin-kevitra na sary mikasika amin'ny miralenta amin'y teny malagasy	Hita ao amin'ny kaominina ireotahirin-kevitra momba ny miralenta izay amin'ny teny Malagasy ary voazara any amin'ny fokontany sy vohitra ka atao ho fitaovam-panentanana	Novambra 2011	

TANJONA FOTOTRA	ASA ATAO	TOMPONANDRA IKITRA	FOTOTRA IAINGANA	TONDRO MILAZA NY VOKATRA	FE-POTOANA	TETI-BOLA
Fahafahana mampiaina ny miralenta eo anivon'ny kaominina	Fanentanana sy fanofanana ireo tompon'andraikitra voakasika rehetra	Kaominina;ireo mpitarika mpikatroka ny miralenta rehetra	Tsy fahafantaran'ny vahoaka ny amin'nymiralenta sy ny mombamomba azy	Voahofana sy voaentana ny mpitantana ny fokontany sy ny kaominina	Novambra 2011	
Fampidirana amin'ny fanentanana ataon'ny mpitondra isaky ny misy fidinanan ifotony amin'ny fandraisan'ny vehivavy anjara amn'ny fampandrosoana ny kaominina sy amin'ny politika	Fidinana eny ifotony ataon'ny Ben'ny Tanana sy ny mpiara-miasa aminy	Ny mpanantanteraka ao amin'ny kaominina;ny filan-kevitra kaominaly, ny nahazo fiofanana	Fahalainan'ny vehivavy mirotsaka amin'ny fampandrosoana fa variana amin'ny ao an-tokantrano fotsiny;tsy fisian'ny vehivavy mirotsaka amin'ny politika	Fahabetsahan'ny vehivavy manao asa fampandrosoana;mba fara-faharatsiny ho 25%N'ny mpitondra eny amin'ny Fokontany ho vehivavy	Marsa 2012	

TANJONA FOTOTRA	ASA ATAO	TOMPONANDRA IKITRA	FOTOTRA IAINGANA	TONDRO MILAZA NY VOKATRA	FE-POTOANA	TETI-BOLA
I. FITANTANANA						
Representation						
Fampitomboana ny vehivavy ho tompon'andraikitra ifotony	Fandresen-dahatra ny lehilahy hamporisika ny vadiny handray andraikitra ;miresadresaka sy mitafatafa amin'ny vehivavy eny ifotony manokatra espace de dialogue ny amin'ny fampahafantarananymir alenta	Ny vehivavy efa manana andraikitra rehetra sy ireo lehilahy efa resy lahatra amin'ny fampanjakana ny miralenta	Fahavitsian'ny vehivavy tompon'andraikitra	Resy lahatra ny 25%n'ny lehilahy ny amin'ny fandraisan'andraikitry ny vehivavy	Janoary 2012	
Fandraisana anjara						

TANJONA FOTOTRA	ASA ATAO	TOMPONANDRA IKITRA	FOTOTRA IAINGANA	TONDRO MILAZA NY VOKATRA	FE-POTOANA	TETI-BOLA
Fametrahana tambajotra momba ny fifandraisana @ sehatra nasionaly sy iraisam-pirenena mihatra eny ifotony	Fananganana vondrona ifotony mpikatroka amin'ny miralenta;famondronana ireo resy lahatra ho ao amin'ny Vondron olona ifotony(V.O.I Miralenta)	Kaominina;ireo mpitarika mpikatroka ny miralenta rehetra	Tsy fahalalana ny fisian'ny fanentanana momba ny miralenta	Fitsanganan'ny vondron olona ifotony iray hivoizana ny miralenta	Desambra 2011	
Fandraisana anjaran'ny vahoaka						
Fitovian'ny solotenan'ny lahysy ny vavy eo anivon'ny seham-pitarihina eny ifotony.Miainga amin'ireo ankolafinkery samihafa efa nisy mpikatroka vehivavy	Fandrisihina ny vehivavy handray anjara amin'ny fifidianana sy fanohanana azy ireo eo amin'ny andraikiny	Kaominina;ireo mpitarika mpikatroka ny miralenta rehetra	Fahavitsian'ny vehivavy mandray andraikitra	Mitombo ny firotsahan'ny vehivavy ho mpissehatra amin'ny fandraisana andraikitra eny ifotony	Desambra 2011	

TANJONA FOTOTRA	ASA ATAO	TOMPONANDRA IKITRA	FOTOTRA IAINGANA	TONDRO MILAZA NY VOKATRA	FE-POTOANA	TETI-BOLA
II. LAMIN'ASA						
Fahazahoana antoka fa voalaza sy hita soritra mazava ao anatin'ny tetikasan'ny kaominina ny miralenta	Fametrahana ireo mpandray anjara resy lahatra any amin'ny fokontany	Ny kaominna nahavita fiofanana miaraka amin'ireo efa resy lahatra	Tsy fisian'ny fifampitondrana ahitana taratra miralenta	Misasaka ny isan'ny lahy sy ny vavy miasa eo anivon'ny Fkt ny kaominina	Marsa 2012	
III. NY MIRALENTA EO AMIN'NY LAMIN'ASA EFA MISY						
Vonjy taitra						
Tsy fisian'ny toeram-ponenana manaram-penitra	Fanentanana ny mponina hanangana trano amin'ny tafo fanitso sy taila	FOkonolona ;kaominina;fokontany	Fahabetsahan'ny trano mitafo bozaka	50%ny olona voaentana sy fanentanana natao	Mai 2012	
Fanaovana aro afo ny tanàna mba hiarovana amin'ny doro tanety	Fanetsehana ireo rantsana na komity amin'izany	KMDT(Komity Miady amin'ny Doro Tanety;mpitandro filaminana; fokontany ;kaominina	Tsy fahazahoana antoka ny tanàna amin'ny loza ateraky ny afo	Voaaro ny 70% tanàna rehetra Mihena ny 80% tahan'ny doro tanety Fampitomboana 80% ny fiarovana	Desambra 2011	
Toe karena sy famoronana asa						
Lahy sy vavy mitovy lenta		Ny kaominina;ny	Tsy fisian'ny vehivavy mandray	Fahamaroan'ny vehivavy	Novambra	

TANJONA FOTOTRA	ASA ATAO	TOMPONANDRA IKITRA	FOTOTRA IAINGANA	TONDRO MILAZA NY VOKATRA	FE-POTOANA	TETI-BOLA
eo amin'ny fahaiza-manao ;eo amin'ny fihariana fototra ety ambanivohitra	Fanomezana fiofanana ny vehivavy amin'ny haitao fototra : fambolena – fiompiana – asa tànana	CSA;DRDR;ireo mpisehatra ara-toe-karena rehetra	anjara rehefa misy ny fiofanana na atrikas aara-toe-karena sy ny famokarana eto anivon'ny kaominina	nahavita fiofanana 50% n'ireo liana	2011	
	Fanentanana ny vehivavy handray anjara @ fiofanana, farafaharatsiny ny antsasa-manila	Ny kaominina;ny CSA;DRDR;ireo mpisehatra ara-toe-karena rehetra		50%n'ny mpiatrikasa tokony ho vehivavy	Febroary 2012	
Fitadiavana fanampiana amin'ny fanaovan-dalana hatao asa tana-maro	Fanamaroana ny vehivavy rehefa misy ny asa tanamaro	Kaominina;FER.	Fiheverana fa tsy afaka mitàna angady sy borety ny vehivavy	50%n'ny mpiasa an-tselika tokony ho vehivavy	Novambra 2011	
Fampifanatonana ireo fikambanam-behivavy amin'ny mpandraharaha any ivelany amin'izay mety ho fiaraha-miasa azo atao	Fiantsoan'ny kaominina mpandraharaha na ONG afaka miara-miasa amin'ny fikambanana	Kaominina;mpandraharaha;ONG mpanampy amin'ny fanelanelanana;ireo CREC efa voatsangana	Tsy fananan'ny fikambanam-behivavy mpiara-miombon'antoka	Taom-pamokarana2011-2012 50%n'ireo fikambanam-behivavy nahazo fankatoavana manana mpiara-miombon'antoka	May 2012	

TANJONA FOTOTRA	ASA ATAO	TOMPONANDRA IKITRA	FOTOTRA IAINGANA	TONDRO MILAZA NY VOKATRA	FE-POTOANA	TETI-BOLA
		hiasa(Comité de Reflexion Economiques)				
Fanolorana sy fahazoana tolo-bidy(Soumission et contraction d'appels d'offres)						
Fiantsoana tolotrasa na tolobidy mifanaraka amin'ny miralenta	Fampidirana ny miralenta eo amin'ny fiantsoana fandraisana mpiasa ao amin'ny kaominina na fokontany na sehatra samihafa	Kaominina ;fokontany ;mpandraharaha mpandray mpiasa	Fanaovana tsinotsinona ny vehivavy eo amin'ny fifaninana arakasa	Voalaza ao amin'ny tolotrasa sy ireo fandraisana mpiasa isan-karazany ny tsy fanavahana amin'ny maha-lahy na maha-vavy	May 2012	
	Fahafantarana ireo vehivavy nahita fianarana isaky ny ambaratongany	Kaominina ;fokontany	Tsy fahafantarana ny ambaratongam-pianarana nolalovan'ny ankabezan'ny vehivavy	Fantatra ny antontan'isa ho an'ireo vehivavy manana farim-pahaizana isa'ambaratongany		
Famongarana ny fahantrana						

TANJONA FOTOTRA	ASA ATAO	TOMPONANDRA IKITRA	FOTOTRA IAINGANA	TONDRO MILAZA NY VOKATRA	FE-POTOANA	TETI-BOLA
-Foana ny hevitra raiki-tapisaka amin'ny tsy fitovian-jo eo amin'ny lahy sy ny vavy	➢ -Fampidirana ny mpanentana ho olom-pirenena vanona handray andraikitra amin'ny fanovàna hevitra raiki-tapisaka	Kaominina;olona manana fahaizana manokana momba ny fanatonana ireo marefo;fokontany; ONG	○Fisian'ny toe-tsaina marefo	○ Miova ny fomba fijery	Novambra 2011	
-Mandray anjara eo amin'ny seham-pihariana ny vavy sy lahy	➢ -Fanampiana ireo fikambanam-behivavy liana amin'ny fambolena oviala		○Fahazarana omena fotsiny ○Fahatsapana ny fahasahiranan'ny rehetra	○ Miova ny fomba fiasa sy fomba fanaon'ny mponina		
-Fiovan'ny toe-tsain'ny rehetra mba hampivoatra ny farim-piainana ka hiala amin'ny fomba mahazatra tsy mahomby	➢ -Fampiofanana ny mponina tsy ankanavaka amin'ireo teknika vaovao eo amin'ny fambolena sy fiompiana ary fampianarana azy ireo tsy hiononona fotsiny amin'ny voly mahazatra fa mba amin'ireo voly fivarotra sy fanondrana.		○Tsy fahampian'ny fiofanana ○Tsy fananan'ny fikambanam-behivavy drafitrasa maty paika sy masomboly oviala hambolena	○ Ampy ny fiofanana ary ampiharina ○ voazara masomboly oviala ny 50%n'ny fikambanam-behivavy ○ Fanatsarana ny kalitao : mahazo masomboly voafantina		
-Fampiasana ho manarakandro ireo paikady novolavolaina hialàna amin'ny fahantrana	➢ -Fanisana ho manarakandro ireo isan'ny tokantrano marefo hahazahoana mandrefy sy manombana ary manara-maso ny fivoatry ny fiainany		○Tsy fananana antontan'isa mazava momba ny marefo	○ Azo ny an tontan'isan'ireo marefo		

TANJONA FOTOTRA	ASA ATAO	TOMPONANDRA IKITRA	FOTOTRA IAINGANA	TONDRO MILAZA NY VOKATRA	FE-POTOANA	TETI-BOLA
Fanohanana ny asa fandraharahana						
Fitadiavana lalam-barotra tsara ho an'ireo voly avotra	Fampitomboana ny karazana voly avotra hahazahoana tsena	Kaominina ;mpandraharaha	Ratsy vidy ny voly avotra	Miakatra 20% ny vidim-bokatra voly avotra	Martsa 2012	
	Fanatsarana ny kalitao	Kaominina ;mpamboly;FOFIFA	Ratsy ny karazana masomboly	Mahazo masomboly voafantina	Desambra 2011	
Fanetsehana ny harena ankibon'ny tany	▪ Fanomezana karatra fahazahoana mitrandraka volamena ho an'ireo mpitrandraka madinika ▪ Fifampiraharaha na eo amin'ny kaominina sy ny mpividy volamena ny amin'ny tamberim-bidy haloany	Kaominina;services des mines Kaominina;services des mines;mpandraharaha	▪ Tsy manaram-penitra ny fitrandrahana volamena ▪ Tsy misy ny tamberim-bidy azon'ny kaominina	▪ Matihanina ny 80%n'ny mpitrandraka ary mahazo karatra ▪ Mitombo 50% ny vola miditra ao amin'ny kaominina momba ny harena ankibon'ny tany	Desambra 2011	
Sehatr'asa tsy manara-penitra						
Fanatsarana ny Tsenam-barotra	Famporisihana ny olona hanatsara ny fidiram-bola isan-tokantrano FItadiavana mpamatsy vola hividy ny vokatra	Ministeran'ny varotra Ministeran'ny asa kaominina	Fahasimban'ny tsena Fahamoran'ny vidim-bokatra Fanararaotan'ireo mpanangom-bokatra	Ho tsara ny vidim-bokatra ka hazoto hamokatra ny 80% tantsaha Fifanarahana vita sonia amin ireo mpividy vokatra	Avrily 2012	Mpamatsy vola sy fitaovana

TANJONA FOTOTRA	ASA ATAO	TOMPONANDRA IKITRA	FOTOTRA IAINGANA	TONDRO MILAZA NY VOKATRA	FE-POTOANA	TETI-BOLA
	rehefa fararano Fampivondronana ireo mpivarotra ao anaty kaoperativa mba ho fiarovana ny zony eo amin'ny vidim-bokatra					
INFRASTRUCTURE						
Toeram-ponenana						
Fahazoana antoka ny hanomezana lanja ny toeram-pianarana	Fangatahana fotodrafitrasa manara-penitra Fampitomboana isa ny efitrano fianarana	Kaominina Ministeran'ny fampianarana	Ny tsy fahampian'ny efitrano fianarana	Mba ho tafiditra an-tsekoly avokoa ny ankizy tsirairay Mba hanara-penitra ny efitrano fianarana Mba andraisan'ny ankizy anjara amin'ny sehatra fampandrosoana	2012	Kaominina Ministeran'ny Fampianarana na Mpamatsy vola
